
# Isaiah 53
## (700 BC )

(1) Iza no nino ny teny nampitondraina anay?

Ary iza no nampisehoana ny sandrin'i Jehovah? (2) Fa naniry teo anatrehany tahaka ny zana-kazo madinika Izy


sy tahaka ny solofon-kazo amin'ny tany karankaina;





Tsy manana endrika na fahatsaran-tarehy izy,ary raha nijery azy isika, dia tsy nisy hatsaran-tarehy haniriantsika azy

(3) Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy;




lehilahy ory sady zatra ny fahoriana*, Ary tahaka izay tsy tian'ny olon-kojerena akory Izy, natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika.



[Heb.lehilahy be fanaintainana sady fantatry ny faharariana]
(4)Nitondra ny aretintsika tokoa Izy
sady nivesatra ny fahoriantsika*;




kanjo isika kosa nanao azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina.



(5) Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika






sy notorotoroina noho ny helotsika,
ny fampijaliana* nahazoantsika fihavanana
no namelezana Azy;




ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika.



(6) Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry,
samy efa nivily ho amin'ny lalantsika avy isika rehetra;




ary nataon'i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra.



Nampahorina Izy,
nefa nanetry tena ka tsy niloa-bava,
dia tahaka ny zanak'ondry entina hovonoina,
sy tahaka ny ondrivavy izay moana eo anatrehan'ny mpanety azy,
eny, tsy niloa-bava Izy.



(8 )Ny fampahoriana sy ny fitsarana no nenti-nanaisotra Azy*;ary iza tamin'ny niara-belona taminy no nihevitra**fa nofongorana niala tamin'ny tanin'ny velona Izy,ka ny fahadisoan'ny oloko no nikapohana Azy?




(9) Ary nokasaina hatao tao amin'ny olo-meloka ny fasany
Nefa teo amin'ny mpanankarena Izy, rehefa novonoina,



na dia tsy nanao ratsy aza Izy,
sady tsy nisy fitaka teo am-bavany.
(10) Nefa sitrak'i Jehovah ny hanorotoro sy hampangirifiry Azy.



Rehefa manolotra fanati-panonerana Izy,
dia hahita taranaka* sady ho maro andro,
ary ny sitrapon'i Jehovah dia hambinina eo an-tànany. (11)Noho ny fisasaran'ny fanahiny dia hahita izany Izy ka ho afa-po;
Ny fahalalana Azy* no hanamarinan'ny Mpanompoko marina ny olona maro,
ary Izy no hivesatra ny helok'ireo.
(12) Koa dia hanome Azy anjara amin'ny lehibe Aho, ary hizara babo amin'ny mahery Izy*;
Satria naidiny ho amin'ny fahafatesana ny ainy,



Ary natao ho isan'ny mpanota Izy;

Eny, Izy no nitondra ny fahotan'ny maro

sady manao** fifonana ho an'ny mpanota.Isaiah 53

